



## Tarehimarika

*Chiffre clés* ..... 2

## Matoan-dahatsoratra

*Editorial*..... 3

## Tapatapany

*Brèves* ..... 4

## Rehefa miray hina dia lasa matanjaka sy mahaleotena

*Ensemble, nous sommes plus forts et plus résilients*..... 5

## Fitsidihana ifotony nataon'ny Banky iraisam-pirenena tao Toamasina hijerena ny vokatry ny Mijoro

*Visite de la Banque mondiale à Toamasina pour apprécier les résultats de Mijoro* ..... 6

## Afaka nanatsara ny fidiram-bolako aho noho ny Asa Avotra Mirindra

*Grace à Asa Avotra Mirindra, nous avons pu développer nos ressources de revenus*..... 7

*Asa vonjy voina : fotodrafitrasa simban'ny rivodoza sy andro ratsy miisa 251, manerana ny distrika 37 eto Madagasikara, no narenina*

*Asa vonjy voina : 251 infrastructures endommagées par les catastrophes naturelles réhabilitées dans 37 districts de Madagascar*..... 8-9

## Fanontaniana 3 ho an' i Barnia Flowerynsd

Raherinantenaina, Mpandrindra ny tetikasa LEAD

*3 questions à Barnia Flowerynsd Raherinantenaina, Coordonnateur du projet LEAD*..... 10-11

## Hita tany ho any

*Vu ailleurs*..... 12

## Nanamaivana kokoa ny fiainanay ny fahavitan'ny tetezana tety aminay

*La reconstruction du pont a amélioré nos conditions de vie* ..... 12

# REALISATIONS

## Filets sociaux de sécurité (FSS)

Février 2022 - Août 2024



**277 530**

ménages  
bénéficiaires



**79%** des adultes bénéficiaires, de plus de 18 ans, disposent de CIN

**61%** des enfants des ménages bénéficiaires disposent de copies d'acte de naissance



**74%** des enfants en âge scolaire sont scolarisés (enfant de 6 à 12 ans)

**62%** des enfants de moins de 6 ans fréquentent les sites nutritionnels



**84%** des enfants bénéficiaires de moins de 9 mois, sont vaccinés (5 vaccins fondamentaux)



**5 352 672** jeunes plants produits

**915** hectares de surface reboisée

**1 719** hectares de terrains agricoles aménagés

Augmentation de **45%** de la superficie cultivée par des techniques spécialisées pour la production agricole



**62%** des ménages bénéficiaires utilisent le planning familial

**52%** des ménages bénéficiaires possèdent des latrines au niveau de leur foyer respectif



**177** femmes bénéficiaires enceintes font des consultations prénatales



## Matoan-dahatsoratra

### Ny fampiasam-bola ho an'ny fiahiana ara-tsosialy, manorina ny hoavy

#### Ry mpamaky hajaina,

Amin'izao taona vaovao izao, dia manolotra ny firariantsoa izahay ary maneho hatrany ny firaisankina amintsika mpiray tanindrazana. Ity taona 2025 ity dia fotoana ahafahantsika iaraka, manitsy ny fijery amin'ny fampiasam-bola ho an'ny fiahiana ara-tsosialy, tsy ho toy ny fandaniana fotsiny, fa amin'ny maha paikady mahomby hitondra fivoarana mendrika ho an'ny mpiara-belona. Ilaina ny ezaka iombonana sy ny itovian-kevitra mba ho lasa fanainga ho an'ny ihatsaram-piainana sy fampiroboroboana ny toekarena tokoa ny asa fiahiana ny mpiara-belona.

Ny rafitra fiahina ara-tsosialy matanjaka dia tsy vitan'ny hoe manohana ny marefo amin'ny fotoan- tsarotra ihany, fa manatsara ihany koa ny fahaizan'ny olona miatrika zava-tsarotra, manampy amin'ny fanatsaranany fahasalamana sy ny fanabeazana, ary mampiroborobo ny toekarena ifotony. Ohatra amin'izany ny fanomezana vatsy ara-bola sy fampiofanana, izay manome fahafahana ho an'ny ankohonanana hanatsara ny fiainany ry andraisany anjara amin'ny fiaharian-karena ao amin'ny firahamonina misy azy.

Maro ny vokatry efa azo tsapain-tanana : ankohonana mahavita tena kokoa, fiaraha-monina miray hina, ary ny faribolana miabo mitarika fandrosoana. Saingy tsy haharitra izany raha tsy misy finiavana ara-politika sy fiaraha-mientana. Ny fampiasam-bola ho an'ny fiahiana ara-tsosialy dia mandrafitra firenena miaina amin'ny rariny sy hitsiny ary mitsinjo ny taranaka hoavy. Andao ary hiara-hisalahy hanao izany vina izany ho tanteraka sy ho fahombiazana. Ho taona feno fanantenana sy fivoarana ho antsika rehetra anie ity 2025 ity.

## Editorial

### *Investir dans la protection sociale pour bâtir l'avenir*

#### Chers lecteurs,

Alors que 2025 s'ouvre avec de nouveaux défis et espoirs, nous vous adressons nos vœux de solidarité et de prospérité. Cette année est une opportunité, où la protection sociale ne doit plus être perçue comme une charge mais comme un investissement stratégique. Des efforts concertés sont nécessaires pour faire de la protection sociale un levier de transformation nationale.

Les systèmes de protection sociale solides ne se contentent pas d'apporter un soutien immédiat aux plus vulnérables. Ils renforcent la résilience des familles face aux crises, favorisent l'éducation et la santé, et dynamisent les économies locales. Les transferts monétaires, par exemple, offrent aux ménages l'opportunité d'investir dans leur avenir tout en contribuant au développement communautaire.

Les résultats parlent d'eux-mêmes: familles plus autonomes, communautés revitalisées, un cercle vertueux de progrès. Cependant, cet impact ne peut être durable sans un engagement politique fort et une mobilisation collective. Investir dans la protection sociale, c'est bâtir une nation plus équitable et résiliente. Mobilisons-nous pour transformer cet impératif moral en une réalité économique et sociale. Ensemble, faisons de 2025 une année de progrès et d'espoir pour tous.



# Tapatpany

## Fandraisan'ny FID anjara tamin'ny COP 16 : Ho fanamafisana ny sandantohitra manoloana ny fiovany toetrandro

Niaraka tamin'ny Ministeran'ny Mponina sy ny firaisankina ary notarihin'ny Ministeran'ny tontolo iainana sy ny fandrosoana lovainjafy, dia nandray anjara mavitrika tamin'ny COP 16 ny FID, izay fivoriana lehibe faha-16 an'ireo firenena mikambana ho an'ny adyamin'ny fahasimban'ny tany. Izany dia notontonsaina tao Riyad, Arabie Saoudite ny 02 hatramin'ny 13 desambra 2024.

Nandritra izany hetsika izany no nanehoan'ny FID ny maha zava-dehibe ny sandantohitra maharitra aratoekarena manoloana ny fiatrehana ny fiovany toetrandro, tamin'ny alalan'ny fampirantina tranoeva nandritra ny andro ho an'ny sandantohitra, ny fanamoràna sy fandraisana anjara tamin'ny fivoriana isan-karazany. Ireo hetsika ireo dia notanterahina ao anatin'ny fandaharanasa Asa Avotra Mirindra, izay manohana ireo vondrom-piarahamonina marefo hanamafy ny fahafahana miatrika nyvoka-dratsin'ny loza voajanahary. Manamafy hatrany ny fahavitrihan'ny FID ho an'ny fampandrosoana sosialy mampiaty sy ny fiatrehana aingana ny mety ho loza ateraky ny fiovany toetrandro, ny fandraisany anjara tamin'ity fihaonam-be iraisam-pirenena ity.

## Fandraisana ny filohan'ny filankevi-pitantanan'ny FID vaovao

Ny alatsinainy 28 oktobra 2024 no nanatanterahana ny fifamindram-pahefana ofisialy teo amin'Andriamatoa ANONDRAKA Michel, filohan'ny filankevi-pitantanan'ny FID teo aloha sy Ramatoa RASATANOMENJANAHARY Lantsoa Mireille izay voatendry handray ny andraikitra vaovao. Natrehan'ireo solontenan'ny mpiara-miasa eo anivon'ny FID sy ny Primatiora izany fotoana izany. Nandritra ny lahateniny dia nanamafy ny filohan'ny filankevi-pitantanan'ny FID vaovao fa zava-dehibe ny fanohizana ny fanohanana ho an'ny fiahiana ny mpiara-belona indrindra ireo olona marefo. Nambarany ihany koa ny maha zava-dehibe ny fangarahana sy fitondrana tsara tantana araka ireo soatoavina ka ho « iray vatsy, iray aina », hiaraka hiasa tsara.

## Atrikasan'ny mpanao gazety momba ny tetikasa Filets de Sécurité et de Résilience (FSR)

Ho fanamafisana ny fahalalan'ireo mpanao gazety ny tetikasa *Haraton'aina* sy ho famporisihana azy ireo hanentana momba ireo zava-kendren'ny fandaharanasa, dia nisy ny atrikasa izay notanterahina ny 25 oktobra 2024, tao amin'ny centre Arrupe Faravohitra. Mpanao gazety tokony teo amin'ny efaolo teo no nandray anjara tamin'izany ka niarahana tamin'ireo solontena avy ao amin'ny Ministeran'ny Mponina sy ny firaisankina, ny FID ary ny Banky iraisam-pirenena.

Lohahevitra maro no nifampizarana, toy ny fiahiana ny mpiara-belona sy ireo fandaharanasa mifandraika amin'izany, ny fototra maha olona, ny tetikasa *Haraton'aina*, ny fitsongana ireo mpisitrika, ary ny tantsoroka fampivoarana.

# Brèves

## Le FID au COP16 :

### Promouvoir la résilience face aux défis climatiques

Sous la conduite du Ministère de l'Environnement et du Développement Durable, avec des représentants du Ministère de la Population et de la Santé (MPS), le Fonds d'Intervention pour le Développement (FID), a participé à la 16e Conférence des Parties de la Convention des Nations Unies sur la Lutte contre la Désertification (UNCCD), qui s'est tenue à Riyad, en Arabie Saoudite, du 02 au 13 décembre 2024.

La participation active des représentants du FID aux différentes activités, notamment par la tenue de stand durant la « Journée de résilience », la modération et la participation en tant que panéliste à diverses conférences, a mis en avant l'importance d'une résilience économique durable face aux défis climatiques majeurs. Ces interventions ont été menées dans le cadre du programme de Filets Sociaux Productifs Asa Avotra Mirindra, qui accompagne les communautés vulnérables à mieux faire face aux impacts environnementaux. Cette participation souligne davantage l'engagement du FID pour un développement social inclusif et une gestion proactive des risques climatiques.

## Accueil du nouveau Président du Conseil d'Administration du FID

Le lundi 28 octobre 2024, le FID a accueilli sa nouvelle Présidente du Conseil d'Administration, Madame RASATANOMENJANAHARY Lantsoa Mireille, à l'occasion d'une passation officielle avec son prédécesseur, Monsieur ANONDRAKA Michel. L'événement a réuni plusieurs collaborateurs du FID et de la Primature pour témoigner de ce moment clé.

Lors de son discours, la nouvelle PCA a encouragé à poursuivre le soutien en faveur des familles vulnérables. Elle a souligné l'importance de la transparence et de la bonne gouvernance, tout en citant le dicton "iray vatsy, iray aina" pour renforcer l'impact social positif des initiatives du FID.

## Atelier presse sur le projet Filets de Sécurité et de Résilience (FSR)

Dans l'optique de renforcer les connaissances des journalistes sur le Projet Filets de Sécurité et de Résilience (FSR) et les mobiliser autour de ses enjeux, un atelier interactif a été organisé le 25 octobre 2024 au centre Arrupe Faravohitra. L'événement a réuni une quarantaine de journalistes ainsi que des représentants du Ministère de la Population et des Solidarités (MPS), du FID, et de la Banque mondiale. Les échanges ont porté sur des thématiques clés, telles que la protection sociale et les programmes afférents, le capital humain, les filets sociaux, et les mesures d'accompagnement.



## Rehefa miray hina dia lasa matanjaka sy mahaleotena

*“Niaina tamin’ny korontana lava ny ankohonako. Samy nanao izay azony natao ny tsirairay mba ahitana sakafo, ka niparitaka ary lasa tsy ampy ny fidiram-bolanay. Tsy nisy drafitra na paikady mazava nentina nampidi-bola ka nitazona anay tanaty faharefoana », hoy Berthine RASOAMAROVAVY. Niova ny fiainany rehefa nahazo fiofanana momba ny fampiatiana ara-bola tao anatin’ny fandaharanasa Vatsin’Ankohonana izy. Nianatra nitantam-bola sy niara-niasa izy mivady « Tena nahatonga saina anay ny fiofanana, tsapanay fa hikororosy fahana ny tokantranonay raha tsy manova ny fomba famindra izahay. »*

Nanapa-kevitra ny hampiroborobo asa loharanom-bola izy mivady ka nanangona hividianana lakana sy harato fanjonoana. Nanao asa fidiram-bola hafa ihany koa izy ireo dia ny famadihana trondro lena ho saly. Ankehitriny, trondro eo amin’ny 30 kilao eo no amidiny isan’andro any Toliara.

Ankoatra ny lafiny ara-bola dia nanamafy ny firaisankina sy ny fiaraha-mientana eo anivon’ny ankohonany ny fandaharanasa. *“Fantatray ankehitriny fa zava-dehibe ny firaisan-tsaina sy fifampizarana. Nanova ny fiainanay io fomba vaovao io. Matanjaka sy afaka miatrika ny fiainana kokoa izahay rehefa miray hina”, hoy i Berthine tamin’ny tsiky feno fanantenana.*

Berthine RASOAMAROVAVY, mpisitrika Vatsin’Ankohonana, kaominina Beheloky, Disitrika Toliara II



## Ensemble, nous sommes plus forts et plus résilients

*“La vie de ma famille était marquée par l’incertitude. Chacun faisait de son mieux pour trouver de quoi manger, mais nos revenus étaient dispersés et insuffisants. Nous n’avions ni objectifs communs, ni coordination, ce qui nous maintenait dans une situation de vulnérabilité », raconte Berthine Rasoamarovavy. Tout a changé lorsqu’elle a suivi une formation sur l’inclusion financière grâce au programme Vatsin’Ankohonana. Avec son mari, elle a appris à gérer leurs finances et à travailler ensemble. « Cette formation a été une révélation. Elle nous a montré que nous devons changer d’approche pour éviter l’impasse financière. »*

Le couple a alors décidé de développer une activité génératrice de revenus en économisant pour acheter un petit bateau et du matériel de pêche. Ils ont aussi diversifié leurs activités en transformant des poissons frais en poissons séchés. Aujourd’hui, ils vendent jusqu’à 30 kg par jour à Tuléar, garantissant des revenus stables.

Au-delà de l’aspect financier, le programme a renforcé l’unité familiale. *« Nous avons compris que l’union et le partage étaient essentiels. Cette nouvelle dynamique a transformé notre vie. Nous sommes plus forts et plus résilients ensemble », conclut Berthine avec espoir.*

Berthine RASOAMAROVAVY, bénéficiaire de Vatsin’Ankohonana District de Toliara II, Commune Beheloky

## Fitsidihana ifotony nataon'ny Banky iraisam-pirenena tao Toamasina hijerena ny vokatry ny *Mijoro*

*Nanatanteraka iraka fitsirihina ireo asa atao ao anatin'ny « Haratonaina Mijoro ho an'ny tanan-dehibe » teto Toamasina ny Banky iraisam-pirenena ny fiandohan'ny volana oktobra. Delegasiona mafonja notarihin'i John Van Dyck, izay manampahaizana manokana momba ny fandaharanasa « Haratonaina » no tonga nijery ifotony ny vokatry ny asa.*

Fotoana iray nahafahan'ireo mpiantsehatra avy amin'ny Banky iraisam-pirenena, Ministeran'ny mponina sy ny firaisankina, ary ny avy ato amin'ny FID nitafa mivantana tamin'ireo mpisitraka moa izao fitsirihina izao.

Voaresaka nandritra izany ny vokatry ny fanatanterahana ny fandaharanasa tao anatin'ny telo taona. Raha ny nambaran'ireo mpisitraka dia ny tantsoroka fampivoarana sy ny fampiharana no tena nahitan'izy ireo vokatra mi-vaingana ho amin'ny fihatsaram-piainana. Raha nanontaniana tokoa mantsy ireo mpisitraka dia ireo hetsika fampivoarana nifampizarana teny anivon'ny Sehatra Mahasoana no tena nanampy azy ireo.

Maro moa ny lohahevitra nifampizarana teny toy ny fampiatiana ara-bola, ny fampiatiana ara-pamokarana, ny hetsika fampivoarana ny maha-olona, sy ny maro hafa. Ankoatra ireo dia ny fidirana fikambanana VOAMAMI sy ny fisian'ny « *Tosika Fihariana* » no tena nanampy ihany koa azy ireo hanatsara sy hampaharitra ireo asa fitadiavana izay tanterahiny. « *Noho ny Mijoro dia nahazo traikefa nahafahanay niala tao anatin'ny faharefoana lalina izahay. Amin'ny maha mpivarotra hanimasaka ahy, nanampy ahy nahatsapako ny maha zava-dehibe ny fahadiovana amin'ny*



*fitadiavana sy fitazomana ny mpanjifa, ny fandaharanasa. Nanampy be ahy ihany koa ny fiofanana azoko mikasika ny fitantanana ny vola mivoaka sy miditra», hoy i Nini, mpisitraka avy ao Morarano 21/11.*

Nanentana ireo mpisitraka moa ireo mpizaika mba hanohizan'ireo hatrany ny ezaka ho amin'ny fivoarana, hananana fahafahana miatrika tranga sarotra. Nanentana ireo izay mbola misalasala tsy manao fampiharana koa izy ireo amin'izao fiafaran'ny fandaharanasa izao.

## Visite de la Banque mondiale à Toamasina pour apprécier les résultats de *Mijoro*

*La Banque mondiale a effectué une mission de supervision des activités dans le cadre du programme Filets Sociaux Urbains (FSU) – Mijoro à Toamasina au début du mois d'octobre. La mission, conduite par John Van Dyck, spécialiste principal de la protection sociale, avait pour objectif de constater in visu les impacts du programme sur le progrès des bénéficiaires.*

La mission a été une occasion pour les différents acteurs, Banque mondiale, Ministère de la Population et des Solidarités, Fonds d'Intervention pour le Développement d'échanger avec les bénéficiaires sur les progrès constatés durant les trois années d'intervention du programme. Pour les nombreux bénéficiaires présents durant la rencontre, les « mesures d'accompagnement » et l'adoption des techniques partagées ont rendu les changements possibles. Convaincus de l'importance de ces actions de développement, les ménages bénéficiaires se sont exprimés librement sur les changements opérés au sein de leur foyer ainsi que les bonnes pratiques adoptées grâce aux partages durant les espaces de bien-être sur diverses thématiques : inclusion financière, inclusion productive, développement personnel, etc.

Par ailleurs, l'adhésion aux Associations d'Épargne et de Crédit et l'octroi de Fonds de soutien favorisent l'autonomisation, en leur permettant d'améliorer et de pérenniser leurs activités génératrices de revenus.

« *Grâce à Mijoro, nous avons pu développer nos compétences afin de sortir de la vulnérabilité. En tant que gargotière, le programme m'a permis de comprendre que la propreté est un élément essentiel pour attirer et fidéliser la clientèle. La formation en gestion des revenus m'a également aidée*», a déclaré Nini, bénéficiaire dans le fokontany 21/11 Morarano.

A l'issue de cette rencontre très enrichissante, la mission a recommandé aux bénéficiaires de continuer l'effort pour être plus résilients et créer plus de changements positifs. Elle a également encouragé ceux qui hésitent à adopter de le faire, le programme touchant à sa fin.

Janvier 2025  
**Bulletin  
d'information**



# TSIMBINA

## TSIMBINA Dingana farany

*Dimy volana mahery izay no nanatanterahana ny fandaharanasa Tsimbina, ho fanohanana ireo ankohonana miaina anaty fahasahiranana sy faharefoana lalina manoloana ny fiakaran'ny vidim-piainana. Mizotra hatrany ny fanatanterahana ity fandaharanasa fiahiana mpiara-belona ity ankehitriny.*

Raha toa ka efa vita ireo asa any amin'ireo faritra hafa eto Madagasikara, eto Antananarivo sy ny manodidina kosa dia mbola mitohy izany. Eo am-panatanterahana ny fitiliana ireo tokantrano izay ho mpisitrika ankehitriny ny amin'ny faritra manodidina, raha efa vita amin'ny ampahany ny fandoavana ireo vatsy sy ny fanaovana ireo tantsoroka ho an'ny eto andrenivohitra. 925 600 ireo ankohonana marefo heverina hisitraka ity fandaharanasa ity manerana ny firenena.

Na dia fandaharanasa noho ny dona, izany hoe amin'ny fe-potoana fohy, aza ny Tsimbina, dia mamporisika ireo ankohonana hiroso amin'ny fihatsaram-piainana amin'ny alalan'ireo hetsika fanentanana sy fanabeazana, antsoina hoe tantsoroka fampivoarana.

### **Manaitra ny fiovana**

*" Raha tsy nisy ny fanohanana'ny Tsimbina, mety tsy nisy afaka nianatra ireo zanako. Noho ireo tohana ara-bola sy fanentanana mikasika ny maha zava-dehibe ny fanabeazana dia afaka nanomboka nianatra ireo zanako roa voalohany. Manantena izahay fa hiala amin'izao fahasahiranana izao any aorina ", hoy RAMIANDRISOA Jacqueline, mpisitrika ao amin'ny kaomininay Ankililoaka, ao Toliara II.*

Lohahevitra fototra manampy ireo mpisitaka hiala ao anatin'ny faharefoana no hifampizarana amin'ireo tantsoroka fampivoarana. « *Entanina amin'ny fanabeazana,*



*ny fanjariantsakafo, ny fitantanam-bola, ny fanabeazana olom-pirenena ireo mpisitrika, ary novolavolaina tsara ireo lohahevitra ho mora raisin'izy ireo », hoy ny fanazavan'ny mpanentana iray.*

Na dia voafetra aza ireo tohana ara-bola, dia afaka mitondra fiantraikany maharitra raha ampiasaina am-pahendrena. Mety ho tosika lehibe hanombohana asa mampidi-bola, izay manome fahafahana ireo ankohonana hahaleo tena.

## JERY TODIKA

### **Inona ireo lesona notsoahana sy fanatsarana ho an'ny hoavy ? Dinidinika niarahana amin'i Achille Razakatoanina**



Na eo aza ireo adihevitra mikasika ny haraton'aina, dia fantatra fa manohana ny fahafahan'ireo vondrom-piarahamonina miatrika tranga sarotra izany. Amin'izao fotoana izao, ny fanamby dia ny fampiasana fitaovana

mifanaraka amin'ireo lesona noraisina tamin'ny traikefa niainana. Mizara ny fomba fahitany izany ny tale misahana ny *Asa Vonjy Voina* eo anivon'ny FID.

*« Nianatra izahay fa mety hisy fiantraikany eo amin'ny kalitao ny asa atao maimaika loatra. Ilaina ny fandaminana an-tsakany sy an-davany ireo asa, na dia tena fohy aza ny fe-potoana ananana, hiantohana ny fahombiazana. Anisan'ny laharam-pahamehana ny fanatsarana hatrany ny fahaiza-manain'ireo mpiara-miasa eny ifotony.*

*Ankoatra izay, ilaina ny fanamafisana ireo fanentanana hiadiana amin'ny fanaovana hosoka hita nandritra ny fanatanterahana ny Tsimbina. Izany dia mitaky rafitra fanaraha-maso hentitra sy mangarahahara kokoa.*

*Farany, zava-dehibe ny serasera eny ifotony. Ny fampitomboana ny fanentanana dia hanampy ireo mpisitrika hahafantatra sy hahazo ny antony, ny tanjona ary ny fomba fanatanterahana ny fandaharanasa. Afaka hampiasa ireo tohana amin'ny fomba mahomby kokoa mifanaraka amin'ny foto-kevitra ny fandaharanasa. Ankoatra izay, ny fandraisana andraikitra bebe kokoa an'ireo manam-pahefana eny ifotony no ahafahana mandrindra tsara ny serasera. »*

TSIMBINA, ny volana jona hatramin'ny desambra 2024, maherin'ny **48 850** ireo fitarainana voaray sy novahana tao anatin'ny 2 volana.

**77 %** ireo fitarainana dia mikasika ny **fitiliana ireo mpisitrika** : amin'ireo tokantrano nilaza fa marefo ka naniry ho isan'ny mpisitrika, dia hita, taorian'ny fanadihadiana, fa **4%** no nahafeno ny fepetra ka afaka noraisina ao amin'ny fandaharanasa, ary ny **96 %** kosa dia tsy nahafeno fepetra ka tsy afaka nomena valiny mahafa-po.

Rehefa novahana sy nohadiadiana ireo fitarainana sy fitorohana voaray :



ANKOHONANA

351

NO NAMPIDIRINA  
HO MPISITRAKA

ANKOHONANA

29

NO VOATAZONA  
HO MPISITRAKA

ANKOHONANA

6324

NO NESORINA  
TSY HO MPISITRAKA

## Témoignages Bénéficiaires



### RASOARIVELO Hortense

Fkt Mananovy, Bekorobo, Betroka.

« Taorian'ny fiofanana izay azoko dia nozaraiko tamin'ireo zanako ny maha zava-dehibe ny fitantanana ara-bola sy ny ady amin'ny herisetra mifototra amin'ny mahalaly na mahavavy ary ny ady amin'ny fanambadiana aloha loatra. Afaka nanitsy ireo fomba fanao tsy nety izahay noho izany . »



### PELA Pascaline

Fkt Tanambao, Ambovombe.

« Nanamora ny fampidirana ny zanako tant an-tsekoly ny tohana ara-bola. Nahafahako ihany koa nividy ireo fitaovam-pianarana izay nilainy. »



### VAOMALALA

Fkt Begavo I, Ambanja.

« Nanampiaiko ireo tahiry keliko ny vola noraisiko tamin'ny voalohany ka nampiasaiko nanombohana fiompiana kisoa izany. Amin'izao fotoana izao aho dia miandry ny fiakaran'ny vokatra voalohany, ka ny tombony azoko dia ho averiko ahodina eo ihany mba hanitarana hatrany ity asa ity »



### NASOLONIAINA Voloniaina Chantal

Fkt Avarabohitra, Ampefy,  
Soavinandriana, Itasy.

« Noho ny fandaharanasa Tsimbina, dia afaka nianatra avokoa ireo zanako. Taorian'ny fandraisam-bola voalohany dia afaka nanao ity varotra legioma ity aho mba hanampiana ireo vola miditra aminay. »



### Philémon

Fkt Ankofafa, Manakara.

« Hitako hoe ny tokony ho laharam-pahamena ho ahy dia ny fividianana ireo fitaovam-panjonona hanatsarana ny vokatra azoko. Ny ampahany amin'ny tohana ara-bola dia nampiasaina nanitarana ny varotra kely ataon'ny vadiko. Ny tanjonay dia ny hanana fidiram-bola mitohy hatrany sy fari-piainana tsara kokoa. »



### Samson Tsimarifo

Fkt Labatoara, Mahajanga I.

« Mivarotra dité eny an-dalana no fivelomako. Noho ny Tsimbina, dia afaka nampiroborobo io asa fitadiavam-bolako io aho sady nampiasa ny ampahany tamin'ny fanampiana ara-bola amin'ny fampianarana ny zanako.»



# Janvier 2025

## Bulletin d'information



# TSIMBINA

## TSIMBINA Dernière ligne droite

Depuis plus de cinq mois, Tsimbina est sur les rails pour soutenir les familles les plus vulnérables et nécessiteuses à atténuer les effets de l'inflation. Ce programme de protection sociale de réponse aux crises continue actuellement son bonhomme de chemin.

Si les interventions du programme sont achevées dans les autres localités de Madagascar, à Antananarivo et ses environs, les activités battent leur plein. Dans les zones suburbaines, le ciblage des bénéficiaires est en cours. Tandis qu'au sein de la commune urbaine, les paiements et les accompagnements sont finalisés pour une partie des bénéficiaires, et pour une autre, ceux-ci sont en préparation. En tout, 925 600 ménages vulnérables sont prévus bénéficier du programme à travers le pays.

Bien qu'il s'agisse d'un programme de réponse aux crises, sur le court terme, indubitablement, les séances d'animation et de sensibilisation, appelées mesures d'accompagnement (MACC), encouragent les familles à progresser vers de meilleures conditions de vie.

### Stimuler le changement

« Sans le soutien de Tsimbina, aucun de mes enfants n'aurait peut-être jamais eu l'opportunité d'aller à l'école. Grâce au transfert monétaire et aux sensibilisations sur l'importance de l'éducation, mes deux aînés ont pu débiter leur scolarité. Nous espérons sortir un jour de nos conditions précaires », témoigne RAMIANDRISOA Jacqueline, bénéficiaire dans la Commune Ankililoaka, district de Tuléar II.

Les MACC abordent des thématiques clés aider les bénéficiaires à s'affranchir de leur situation de vulnérabilité. « Les thèmes

comme l'éducation, la sécurité alimentaire, la gestion financière, l'éducation à la citoyenneté, etc. ont été soigneusement choisis pour être intégrés par les bénéficiaires » explique un animateur lors d'une séance de sensibilisation.

Les transferts monétaires ne représentent que des moyens limités, mais ils peuvent avoir des impacts durables s'ils sont utilisés judicieusement. Ils pourraient représenter un véritable coup de pouce et un levier pour initier des activités génératrices de revenus, favorisant l'autonomie des familles.

## RETROSPECTIVE

### Quels enseignements tirés et ajustements pour l'avenir ?

#### Entretien avec Achille Razakatoanina



Malgré les controverses, les filets de sécurité contribuent à la résilience des communautés vulnérables. Aujourd'hui, l'enjeu est d'adopter les outils adéquats suivant les leçons tirées du passé. Le directeur chargé des

activités post-crisis au sein du FID partage son bilan de l'expérience Tsimbina.

« Nous avons appris qu'agir dans l'urgence peut nuire à la qualité. Planifier rigoureusement, même dans des délais parfois serrés, est indispensable pour garantir des interventions efficaces. L'une de nos priorités doit être l'amélioration continue des performances des collaborateurs sur le terrain.

Par ailleurs, nous devons intensifier les sensibilisations pour lutter contre les pratiques frauduleuses signalées lors de la mise en œuvre de Tsimbina. Cela passe par des mécanismes de contrôle plus rigoureux et une transparence accrue.

Enfin, la communication de proximité est un levier crucial. Intensifier les campagnes de sensibilisation permettra aux bénéficiaires de mieux comprendre les programmes. Ainsi, ils seront davantage en mesure d'utiliser les subventions de manière optimale et conforme à l'esprit du programme. De plus, une plus grande implication des autorités locales permet d'assurer une coordination efficace de la communication.»



Tsimbina, de juin à décembre 2024, plus de **48 850 plaintes** ont été reçues et ont été traitées dans un délai de moins de 2 mois.

**77 %** des plaintes reçues sont liées au **ciblage communautaire** : sur les ménages qui se déclarent vulnérables et souhaitant devenir bénéficiaires, **4 %** ont obtenu une réponse favorable après traitement de leurs plaintes, car ils répondaient aux critères de sélection, tandis que **96 %** ont reçu une réponse non favorable

Après le traitement et le recouplement des plaintes et dénonciations reçues :



351

MÉNAGES

ONT ÉTÉ INTÉGRÉS

29

MÉNAGES

ONT ÉTÉ MAINTENUS

6324

MÉNAGES

ONT ÉTÉ SORTIS

## Témoignages Bénéficiaires



### RASOARIVELO Hortense

*Fkt Mananovy, Bekorobo, Betroka.*

« Après la formation que j'ai reçue, je partage avec mes enfants l'importance de la gestion financière et de la lutte contre les violences basées sur le genre et la lutte contre le mariage précoce. Nous avons ainsi pu corriger les mauvaises pratiques. »



### PELA Pascaline

*Fkt Tanambao, Ambovombe.*

« Le transfert monétaire a facilité la réinscription à l'école de mes enfants pour cette année scolaire. J'ai également pu leur procurer les fournitures dont ils ont besoin. »



### VAOMALALA

*Fkt Begavo I, Ambanja.*

« J'ai ajouté le montant reçu lors du premier transfert monétaire de Tsimbina à ma modeste épargne. J'ai investi le tout dans un petit élevage porcin que je viens de démarrer. A présent, il ne me reste plus qu'à attendre les premiers rendements. Les bénéfices seront systématiquement réinvestis afin de développer davantage mon activité. »



### NASOLONIANA Voloniaina Chantal

*Fkt Avarabohitra, Ampefy, Soavinandriana, Itasy.*

« Les enfants sont tous inscrits à l'école grâce au programme Tsimbina, et j'ai pu ouvrir ce petit commerce de légumes pour compléter nos revenus après que nous avons reçu le premier transfert. »



### Philémon

*Fkt Ankofafa, Manakara.*

« J'ai estimé qu'investir dans mes outils de pêche devait être ma priorité pour améliorer ma production. Une partie de l'appui a été utilisée pour développer le petit commerce de ma femme. Notre objectif est d'avoir une situation financière plus stable et une meilleure condition de vie. »



### Samson Tsimarifo

*Fkt Labatoara, Mahajanga I.*

« Je tiens un petit étal de thé énergisant dans une ruelle. Grâce à Tsimbina, j'ai pu développer mon activité tout en consacrant une première partie de l'aide reçue à l'éducation de mes enfants. »

## Afaka nanatsara ny fidiram-bolako aho noho ny Asa Avotra Mirindra

« Nanaraka fiofanana maro izahay ao anatin'ny fandaharanasa Asa Avotra Mirindra, fa ny tena nahaliana ahy dia ny teknika voly an-davaka ho an'ny fambolena mangahazo sy vomanga. Nampihariko tamin'ny asa fivelomako izany ary tena hitako ny vokatra satria nahazoako 15 hatramin'ny 17 kg teo ny lavaka iray. Namidiko ny ampatelon'ny ary nohaninay tao an-trano ny ambiny. Ankilan'izany, nisitraka ny tosika fihariana ihany koa aho, izay tohana ho an'ireo ankohonana mpisitraka ny Asa avotra mirindra hananganany tetikasa ho fanatsarana maharitra ny fari-piainany.

Ny fanamboarana tady no tetikasa natolotro satria efa nanamboatra tady aho teo aloha fa noho ny tsy fahampian'ny enti-manana dia tsy afaka namokatra betsaka ka teo amin'ny 100 metatra isan-kerinandro teo no vitako. Rehefa nahazo io tohana fanampiny io aho dia afaka nividy ny fitaovana rehetra ilaina ka nahavita nanamboatra tady teo amin'ny 100 metatra isanandro ary efa manana mpividy raikitra manafatra entana isan-kerinandro. Mavitrika ihany koa aho amin'ny fanaovana VOAMAMI izay hahafahako manao tahiry. Hitako tena niova ny fiainanay ary inoako fa tsy toy izao raha tsy teo ny Asa Avotra Mirindra. »

MALALATIANA Marie Louise Salohy, mpisitraka Asa Avotra Mirindra, Fokontany Ambohimana, Kaominina Miarianarivo, Distrika Miarianarivo, Faritra Itasy



## Grâce à Asa Avotra Mirindra, nous avons pu développer nos sources de revenus

« Dans le cadre du programme Asa Avotra Mirindra, nous avons suivi différentes formations mais celle qui m'a le plus marquée est la technique de basket compost pour la culture de manioc et de patates douces. J'ai adopté cette pratique dans mes champs et les résultats sont notables : j'ai pu récolter environ 15 à 17 kg de manioc par trou, une récolte plus importante que ce que j'obtenais auparavant. Grâce à cela, je peux vendre les trois quarts de ma production au marché pour gagner un peu d'argent, tandis que le reste sert à nourrir ma famille.

En outre, j'ai également bénéficié du fonds de soutien, un capital destiné aux bénéficiaires du programme pour développer des projets concrets qui améliorent leurs conditions de vie de façon plus pérenne. Mon projet concernait la fabrication de cordes, une activité que j'avais déjà pratiquée auparavant. À l'époque, je ne pouvais produire qu'environ 100 à 150 mètres de corde par semaine, faute de moyens pour acheter les matériaux nécessaires. Grâce au fonds, j'ai pu acquérir des matériaux en grande quantité, ce qui m'a permis d'augmenter ma production. Aujourd'hui, je peux fabriquer 100 mètres de corde en une journée et j'ai des clients réguliers qui passent commande chaque semaine. Par ailleurs, je suis active dans l'Association Villageoise d'Épargne et de Crédit qui me permet de faire des économies. Grâce à Asa Avotra Mirindra, notre qualité de vie s'est nettement améliorée. Sans le programme, ma situation ne serait pas du tout la même aujourd'hui. »

MALALATIANA Marie Louise Salohy, bénéficiaire de Asa Avotra Mirindra, Fokontany Ambohimana, Commune Miarianarivo, District Miarianarivo, Région Itasy



# Asa vonjy voina : fotodrafitrasa simban'ny rivodoza sy andro ratsy miisa 251, manerana ny distrika 37 eto Madagasikara, no narenina

*Fotodrafitrasa fototra potika miisa 251 no narenina tao amin'ny faritra 14 manerana an'i Madagasikara tamin'ny alalan'ny asa "Fanarenana/fanorenana", izay tanterahina ao anatin'ny fandrahanana fahina mpiara-belon'ny governemanta malagasy Asa vonjy voina. Ankehitriny dia azon'ireo vondrom-piarahamonina ampiasaina tanteraka ireo fotodrafitrasa vao vita ireo.*

Trano fonenana, tobim-pahasalamana sy sekoly maro no rava, ary be ireo lalana sy tetezana tsy azo nampiasaina noho ny fandalovan'ny rivodoza tamin'ny taona 2022. Ho famerenana ny tolotra ara-tsosialy fototra ho an'ireo vondrom-piarahamonina traboina sy ho fanatsarana ny fiainan'izy ireo, dia nanarina sekoly miisa 197 (sekoly ambaratonga fototra, CEG, lisea), toeram-pitsaboana miisa 42 ary tetezana miisa 14 ny FID. Ireo asa ireo dia notanterahana araka ny fanendren'ny Birao nasionaly misahana ny loza sy ny tandidin-doza (BNGRC), izay mamaritra ireo toerana sy fotodrafitrasa harenina miainga amin'ny fandrindrana iarahany amin'ireo ministera isan-tsokajiny avy sy ireo fangatahana avy amin'ny tompon'andraikitra samihafa eny ifotony.

## Manamafy ny fahafahan'ny fiarahamonina miatrika tranga mafy

Vokatry ny hetsika natao dia maherin'ny 100 000 ireo tokantrano afaka miverina amin'ny fiainany andavanandro. Tsy mijanona amin'ny famerenana amin'ny laoniny ireo tolotra fototra ihany ny asa fanarenana fa mandray anjara lehibe ihany koa amin'ny fampandehanana ny toe-karena eny antoerana sy ny fanamafisana ny fahafahan'ireo vondrom-piarahamonina miatrika dona. Mora kokoa ny fifampirahana eo amin' ireo tana noho ny fanarenana ireo tetezana ka manamora ny fitanterana entana, mampihena ny saran'ny fitanterana ary manome fahafahana hahazo ireo tolotra fototra. Afaka manohy ny fianarany tsy tapaka sy anaty tontolo tsara kokoa ny ankizy mpianatra, ary mahazo fitsaboana akaiky ny mponina noho ireo tobim-pahasalamana simba voarina, indrindra any amin'ny tontolo ambanivohitra lavitra. Ny fanarenana sy fanorenana ireo fotodrafitrasa simba dia mamerina sy manangana fiainana, manome fanantenana ary mamela ireo vondrom-piarahamonina hiorina amin'ny fototra mafy.

## Anisan'ny voa mafy ny tany atsimo atsinanana

Ireo asa fanarenana na fanorenana, ho an'ireo fotodrafitrasa potika tanteraka, dia nanomboka ny volana mey 2022 hatramin'ny oktobra 2024 ary nahakasika kaominina miisa 138 miparitaka amin'ny distrika 37 amin'ny faritra 14 manerana an'i Madagasikara. Ny ankamaroan'ny asa fanarenana, forodrafitrasa 174, dia natao tany amin'ny tapany atsimo atsinanana'ny nosy izay anisan'ny tena voa mafy tamin'ny fandalovan'ireo rivodoza roa ireo, indrindra ny faritra Atsimo Atsinanana, Vatovavy ary Fitovinany. Anisan'ny faritra nanaovana asa fanarenana ihany koa Androy, Anosy, Matsiatra Ambony, Amoron'i Mania, Analanjirofo, Atsinana, Atsimo Andrefana, Ihorombe, Vakinankaratra ary Analamanga. Nahazo fototrafitrasa sy fitaovana samihafa ireo ivon-toerana: toby famatsian-drano, trano fivoahana, solaitrabe, dabilio, fanaka, fitoeran'entana. Ireo fototrafitrasa sy fitaovana ireo dia mifanaraka amin'ny fenitra (fanabeazana, fahasalamana, asa vaventy), mahafeno ny fepetra iarovana ny rivodoza ary mifanandrify amin'ny politika ara-tontolo iainana sy ara-piarahamonina.





# Asa vonjy voina : 251 infrastructures endommagées par les catastrophes naturelles réhabilitées dans 37 districts de Madagascar

*Fortement touchées par les catastrophes climatiques, 251 infrastructures sociales de base dans 14 régions de Madagascar ont été réhabilitées à travers le volet "Réhabilitation/reconstruction" du programme de protection sociale du gouvernement Asa vonjy voina. Ces infrastructures sont désormais pleinement opérationnelles et peuvent à nouveau accueillir et servir les communautés locales.*

Les intempéries et cyclones qui ont sévi à partir de 2022 ont laissé sur leur sillage des maisons détruites, des villages inondés, des centres de soin et des écoles ravagés ainsi que des routes et ponts impraticables. Pour rétablir les services sociaux de base au sein des communautés affectées et améliorer de manière durable leur cadre de vie, le FID a entrepris la réhabilitation de 197 établissements scolaires (écoles primaires, collèges, lycées), totalisant 493 salles de classe, ainsi que 42 infrastructures de santé (centres de santé de base, centres hospitaliers) et 14 ponts. Ces travaux ont été réalisés sous la saisine du Bureau National de la Gestion des Risques et des Catastrophes (BNGRC) qui, en concertation avec les ministères sectoriels et sur la base des requêtes des autorités locales, a défini les infrastructures à réhabiliter.

## Des dégâts majeurs dans le Sud-Est

Les travaux de réhabilitation ou de reconstruction, dans le cas d'infrastructures totalement détruites, se sont déroulés de mai 2022 à octobre 2024 couvrant 138 communes, réparties dans 37 districts de 14 régions de Madagascar. La partie Sud-Est de l'île, particulièrement touchée, regroupe la majorité des infrastructures réhabilitées (174), notamment les régions Atsimo Atsinanana, Vatovavy et Fitovinany. Les autres régions bénéficiaires incluent Androy, Anosy, Haute Matsiatra, Amoron'i Mania, Analanjirofo, Atsinana, Atsimo Andrefana, Ihorombe, Vakinankaratra et Analamanga. En plus des travaux de réhabilitation, le programme a permis de doter les établissements en infrastructures connexes et équipements : points d'eau, latrines, tableaux noirs, mobiliers, placards de rangement. Les infrastructures rénovées et leurs équipements respectent les normes sectorielles (éducation, santé, travaux publics), répondent aux exigences anticycloniques et s'alignent avec les politiques environnementales et sociales.



## Renforcer la résilience des communautés

Grâce à ces initiatives, plus de 100 000 familles peuvent désormais reprendre le cours normal de leur vie. Au-delà de la restauration des services de base, les activités de réhabilitation jouent un rôle clé dans la relance économique locale et le renforcement de la résilience des populations. Les échanges entre localités voisines sont facilités, les ponts réhabilités permettent un meilleur acheminement des marchandises, réduisent les coûts de transport et rendent les services essentiels plus accessibles. Les élèves peuvent poursuivre leur apprentissage de façon continue et dans de bonnes conditions, tandis que la réhabilitation des établissements de santé garantit un accès de proximité à des soins médicaux pour les habitants, surtout dans les zones rurales isolées. La réhabilitation et la reconstruction des infrastructures endommagées reconstruisent des vies, offrent des perspectives et permettent à des communautés entières de repartir sur des bases solides.

**Fanontaniana 3  
ho an'i  
3 questions à**

## **Barnia Flowerynsd RAHERINANTENAINA**

Mpandrindra ny tetikasa LEAD (Least-Cost Electricity Access Development)  
*Coordonnateur du projet LEAD*



### **1. Afaka hazavainao ve ny tetikasa MAZAVA sy ny tanjony ?**

Ny MAZAVA dia tetikasa an'ny Governemanta Malagasy ho famahana olana lehibe iray: ny fisitrahana an'ny ankohonana marefo herinaratra maharitra. Eto Madagasikara, maro ireo ankohonana, indrindra ireo any ambanivohitra, no tsy manana fahefana manjifa herinaratra amin'ny mpaninjara nasionaly na koa mi-vidy fitaovana hafa mamokatra angovo. Izany indrindra no antony nanaovana ny tetikasa MAZAVA, ho fanohanana amin'izany tsy fahampiana izany.

Ny tanjona lehibe amin'ity tetikasa ity dia ny hanomezana fitaovana mandeha amin'ny herin'ny masoandro miisa 440 000 ho an'ireo tokantrano marefo sy jiro an-dalambe miisa folo isaky ny fokontany voakasik' ity tetikasa ity. Ireo fitaovana ireo dia hanome loharanon'angovo sy hazavanaho an'ny ankohonana, izay hanova tanteraka ny fiainany andavanandro. Izany hoe hanatsarany hazavana ao an-trano, hanome fahafahana mianatra tsara koko aho an'ny ankizy, ary hanohana koa ireo asa fidiram-bolan'ireo mpisitraka. Ankoatra ny famahanany olana maika momba ny angovo, MAZAVA dia mikendry ny hampihena ny fahantrana ary hanatsara ny fari-piainan'ireo tokan-trano marefo.

### **2. Iza avy no misitraka ity tetikasa ity ary ahoana no fomba fisafidianana ny faritra hanaovana ny tetikasa ?**

Ny tetikasa MAZAVA dia natao ho an'ireo tokantrano marefo, indrindra fa ireo monina any amin'ny toerana lavitra tsy misy herinaratra akory. Ireo fianakaviana ireo dia tsy afaka mividy fitaovana mpamokatra herinaratra na mampiasa tambajotran-jiro nasionaly. Tokantrano manodidina ny 440 000, miparitaka amin'ny faritra 4, distrika 8 ary kaominina 130 no hahazo tombontsoa amin'ity tetikasa ity.

Atao laharam-pahamehana ireo kaominina manana taham-paharefoany mihoatra ny 77%. Tafiditra ihany koa ireo faritra efa misitraka ny tetikasa haraton'aina mba hanamafisana ny vokatra tsara efa azo sy ho fandrindrana ireo hetsika fampandrosoana samihafa. Ity fitsongana ity dia miantoka fa tonga any amin'ireo ankohonana tena mila azy ny fitaovana mandeha amin'ny herin'ny masoandro MAZAVA. Izany dia manampy amin'ny fampitoviana eo anivon'ny fiarahamonina sy manamafy ny fahaavitanten'ny ankohonana. Tsy mijanona ho famahana olana momba ny angovo fotsiny ny tetikasa, fa tafiditra ao anatin'ny paikadim-pampandrosoana lovainjafy sy ny fampiatiana.

### **3. Ahoana ny fomba fitantanana ny tetikasa MAZAVA ary inona ny anjara andraikitr'ireo mpiantsehatra isan-tsokajiny ?**

Ny fanatanterahana ny tetikasa MAZAVA dia miankina amin'ny fiarahamiasa eo amin'ireo mpisehatra nasionaly sy iraisam-pirenena.

Io minitsera io ihany koa no mitarika amin'ny ankapobeny ny asa rehetra, amin'ny alalan'ny tetikasa LEAD io ministera io iany koa no mitarika ny komity teknika, izay misahana ny fanjohiana amin'ny dingana rehetra. Ankoatra izany, ny Fitaleavan'ny Serasera eo amin'ity ministera ity no misahana ny fampahafantarana rehetra momba ny tetikasa, indrindra amin'ireo fanentanana ireo mpisitraka hampiasana araka ny tokony ho izy ny fitaovana, hikojakoja ary hitahiry azy ireo tsara mba maharitra. Ny teknisian' ny ministera dia manomana ireo mason-tsivana teknika omena ny UNOPS, izay miandraikitra ny fampitana tse-nam-barotra sy ny fahatongavan'ireo fitaovana any ifotony. Ampiasaina amin'izany fampitana tse-nam-barotra izany ireo fomba fanao tsara sy iraisam-pirenena.

Ny FID (Fonds d'Intervention pour le Développement) kosa dia misahana ny fizarana ireo fitaovana ho an'ireo ankohonana mpisitraka. Ny MAZAVA dia tetikasa vatsian'ny Banky iraisam-pirenena. Ity fiaraha-miasa eo amin'ireo mpisehatra maro ity dia miantoka ny fitantanana mangarahara sy mahomby ho an'ny tetikasa. Misy fanarahamaso hentitra atao, izay miantoka ny faharetan'ny tetikasa sy ny fiantraikany maharitra amin'ny ho avy. Ao anatin'ny fitsinjovana manokana ireo ankohonana tena sahirana ara-pivelomana, ny MAZAVA dia mameno ireo tolotra angovo misy ary tsy mifaninana amin'ireo tolotra tsy miankina na ara-barotra. Manome fanantenana amin'ny fahazoana herinaratra sy ny fahaleovan-tena ho an'ireo vondom-piarahamonina marefo.

## 1. Pouvez-vous nous présenter le projet MAZAVA et ses objectifs principaux ?

Le projet MAZAVA est une initiative stratégique du Gouvernement malagasy pour répondre à un défi majeur : l'accès à une énergie durable pour les ménages vulnérables. À Madagascar, de nombreuses familles, en particulier en milieu rural, ne peuvent ni se raccorder au réseau électrique national, ni investir dans des solutions énergétiques alternatives. C'est pour combler ce déficit que le projet a été mis en place.

Son objectif principal est de fournir 440 000 kits solaires sociaux aux foyers les plus démunis, ainsi qu'une moyenne de 10 lampadaires solaires communautaires par fokontany bénéficiaire. Ces dispositifs permettront aux familles de disposer d'une source d'énergie renouvelable et autonome, transformant ainsi leur quotidien. Concrètement, cela signifie un meilleur éclairage à domicile, des conditions d'étude améliorées pour les enfants, et même le soutien à de petites activités économiques locales. En plus de répondre à un besoin urgent d'accès à l'énergie, MAZAVA contribue à réduire la pauvreté et à améliorer les conditions de vie des populations vulnérables.

## 2. Qui sont les bénéficiaires de ce programme et comment sont choisies les zones d'intervention ?

Le projet MAZAVA s'adresse principalement aux ménages les plus vulnérables, vivant dans les zones reculées, où l'accès à l'électricité est quasi inexistant, et n'ayant pas les moyens d'acquérir des panneaux solaires ni de se connecter au réseau électrique national. Au total, près de 440 000 ménages répartis dans 4 régions, 8 districts et 130 communes bénéficieront de cette initiative. Les priorités sont données aux communes où le taux de pauvreté dépasse 77 %. Par ailleurs, les zones bénéficiant déjà de programmes de filets sociaux de sécurité sont considérées afin d'optimiser l'impact et la coordination des initiatives de développement.

Cette méthodologie de ciblage garantit que les équipements solaires parviennent aux communautés qui en ont le plus besoin, contribuant ainsi à réduire les inégalités sociales et à renforcer l'autonomie des familles. Plus qu'une réponse énergétique, le projet s'intègre dans une stratégie globale pour promouvoir le développement durable et inclusif.



## 3. Comment le projet MAZAVA est-il géré et quel est le rôle des différentes entités impliquées ?

La mise en œuvre du projet MAZAVA repose sur une collaboration entre divers acteurs nationaux et internationaux. Le Ministère de l'Énergie et des Hydrocarbures assure la coordination générale des activités, à travers le projet LEAD et préside le comité technique, chargé du suivi administratif et opérationnel de l'ensemble du processus. Sa Direction de la Communication gère l'ensemble des informations et des communications inhérentes à la réalisation du projet, notamment celles des sensibilisations aux bénéficiaires au bon usage et à l'entretien des kits pour garantir leur durabilité.

Les spécifications techniques des équipements sont définies par les techniciens du ministère puis transmises à l'UNOPS. Ce dernier est chargé de la passation des marchés et de l'acheminement des dispositifs solaires sociaux vers les dépôts des sites de distribution dans les différentes régions de Madagascar. L'UNOPS conduit ces opérations selon les meilleures pratiques internationales.

Le Fonds d'Intervention pour le Développement (FID) s'occupe de la distribution des kits solaires aux ménages, en veillant à ce qu'ils atteignent directement les zones ciblées. Le projet est financé par la Banque mondiale. Cette collaboration multi-acteurs garantit une gestion transparente et efficace du projet qui bénéficie d'un suivi rigoureux et d'une gestion optimisée, assurant sa pérennité et la durabilité de ses impacts sur le long terme. En s'adressant aux foyers les plus démunis, MAZAVA complète l'offre énergétique existante sans concurrencer les initiatives privées ou commerciales. Cette initiative redessine les perspectives d'accès à l'énergie et d'autonomie pour les communautés les plus démunies.

## Rafitra fiahiana ara-tsosialy mifanaraka amin'ny zava-mitranga ho an'ireo mponina marefo

Mitombo hatrany ny fahatsapana ny mahazava-dehibe ny rafitra fiahiana mpiara-belona mifanaraka amin'ny zava-mitranga (Protection Sociale Adaptative-PSA), natao hanamafisana ny sandatohitry ny mponina marefo amin'ny fanomezana ireo tohana ara-potoana sy mifanaraka raha misy dona. Tafiditra ao anatin'ny PSA ny fiahiana ara-tsosialy, ny fampihenana ny hambana noho ny loza voajanahary ary ny fahafahana miatrika ny fiovaovan'ny toetrandro mba afahana manangana fomba fiasa mivelatra kokoa amin'ny ady amin'ny fahantrana sy ny faharefoana. Ireo rafitra ireo dia tsy mikendry fotsiny ny hitondra fanampiana rehefa misy dona, fa hanampy ireo vondrom-piarahamonina hiomana amin'ny loza mety hitranga amin'ny hoavy sy hifanaraka amin'ny fiovana maharitra eo amin'ny tontolo iainany. Ny fomba PSA dia mifototra amin'ny lafiny telo lehibe: ny fanomanana, ny fitantanana, ary ny fizarana. Ireo lafiny ireo dia mijery ny dingana samihafa amin'ny krizy na ny dona, ary mikendry ny hamorona rafitra afaka mivoatra araka ny filàn'ny vahoaka.

## Nanamaivana kokoa ny fiainanay ny fahavitan'ny tetezana tety aminay

« Milamina izahay amin'izao satria vita soa aman-tsara ny tetezana Ivohitra makety amin'ny fokontany Anilovoky. Azo atao tsara noho izany ny mitatitra ireo fitaovana sy entam-barotra isan-karazany raha toa ka nila nanaramana olona maro sy niampita lakana izany te aloha. Isaky ny misy ranobe na rivodoza dia rava lasan'ny rano foana ny tetezana eo ary mifarimbona foana izahay mponina mamerina manangana tetezana hazo ahafahana miampita ety amin'ny fokontany misy anay. Faly izahay fa tsy hisy intsony izany manomboka izao. »

Celestin FERDINAND, mponina ao amin'ny fokontany Anolovoky, kaominina Anosy



## La reconstruction du pont a amélioré nos conditions de vie

« Nous sommes soulagés de savoir que le pont d'Ivohitra, qui mène jusqu'à notre fokontany Anilovoky, a été reconstruit. Nous pouvons enfin transporter les marchandises sans devoir payer de nombreuses personnes pour les porter, comme c'était le cas auparavant. Les anciens ponts étaient toujours ravagés chaque fois qu'il y avait une inondation ou un cyclone, et nous devons constamment reconstruire un pont en bois pour rester connectés à la commune. Désormais, ce problème est derrière nous, et nous en sommes vraiment reconnaissants. »

Célestin FERDINAND, habitant du fokontany Anolovoky, commune d'Anosy Tsararafa, district de Farafangana, région Atsimo Atsinanana

## Systèmes de Protection Sociale Adaptatifs pour les Populations Vulnérables

On reconnaît de plus en plus l'importance des systèmes de protection sociale adaptative (PSA), conçus pour renforcer la résilience des populations vulnérables en leur fournissant un soutien opportun et adéquat en cas de crise. La PSA intègre la protection sociale, la réduction des risques de catastrophe (RRC) et l'adaptation au changement climatique (ACC) pour créer une approche plus globale de la lutte contre la pauvreté et la vulnérabilité. Ces systèmes visent non seulement à fournir une assistance immédiate en cas de crise, mais aussi à aider les communautés à se préparer aux risques futurs et à s'adapter aux changements à long terme de leur environnement. L'approche PSA s'articule autour de trois axes : la préparation, la gestion et l'adaptation. Chacun de ces axes aborde différentes étapes d'une crise ou d'un choc et vise à créer des systèmes capables d'évoluer en fonction des besoins de la population.

**RESILIENCE EN ACTION : POLITIQUES SOCIALES POUR NAVIGUER L'INCERTITUDE EN AMERIQUE LATINE ET DANS LES CARAIBES / XVI Forum ministériel pour le développement en Amérique latine et dans les Caraïbes**